Ny Valosoa sy hadihady

Fitantanana ny Firenena: toa miantehitra amin'ny kisendrasendra ny mpitondra

Telo ambinifolo ny teboka entina manatanteraka ireo « velirano » nataon'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina. Tsy misy mandeha amin'izay laoniny anefa ireo satria ny tranga rehetra sy ny toe-javatra iainan'ny Malagasy amin'izao fotoana izao satria variana mamilivily ny saim-bahoaka amin'ny fotodrafitrasa mirentirenty, kanefa tsy hitondra fampandrosoana ny firenena eo amin'ny sehatra rehetra. Anaporofoina izany ny fanavaozana ny kianjaben'i Mahamasina. Toa taitran'ny dingana nataon'ny Barean'i Madagasikara tamin'ny lalao afrikana farany ny fitondrana dia nanapakevitra, fa ho « kianjan'ny Barea » ny anarana omena io kianjan'i Mahamasina io. Hitondra fampandrosoana ny Firenena eo amin'ny lafiny inona anefa ny fahavitan'io kianja io ? Eo amin'ny sehatra ara-tsosialy, hitondra fanatsarana ny fahasalaman'ny vahoaka sy hampiakatra ny faripiainan'ny mponina eto an-drenivohitra ve ? Eo amin'ny lafiny toekarena indray, ny fahavitan'ny kianja filalaovam-baolina kitra ho bozaka sentetika angaha hiteraka fampiakarana ny harinkarena faobe eo amin'ny sehatra famokarana. Marina fa misy fanampiana avy amin'ny Federasiona iraisam-pirenen'ny baolina kitra (FIFA) ao kanefa tsy voarakitra ao amin'ny "velirano" ary tsy ny filazan'ny vahiny fa tsy azo handraisana lalao iraisam-pirenena intsony ny kianjaben'i Mahamasina dia iazakazahana ny fanavaozana azy kanefa misy laharam-pamehana tokony hifotorana toy ny famerenana ny hasin'ny fanatanjahantena any an-tsekoly, izay tokony hanokanana vola any amin'ny minisiteran'ny fanabeazanam-pirenena. Tsy ny mianatra any amin'ny lisea ihany fa ny any amin'ny ambaratonga faharoa ihany koa. Tsy anisan'ny "velirano" ihany koa ny fanamboarana ny làlampirenena faha-44 satria efa nahazoan'ny fitondrana teo aloha famatsiambola, saingy mijapy lamasinina efa mandeha ny mpitondra ankehitriny, ka tsy ho gaga ny mponina any raha toa ka tsy misy asa mandeha any ankehitriny. Tsy ao anatin'ny IEM koa ny fanotofana tanimbary sy tanimboly eny Ambohitrimanjaka. Raha sendra ka tafiditra ao amin'ny tetikasan'ny fiadidiana ny Repoblika hatrany am-boalohany io dia tokony efa nisy fifampidinihana tamin'ireo tompon'ny tany, saingy miantehitra amin'ilay "utilité publique" ny mpitondra, ka afaka manao izay tiany atao. Midona amin'ny andrin-jiro vao somary mihemotra kely sy manendry olon-kafa hanatanteraka ny asa. Raha tena matsilo saina anefa izao fitondrana izao dia manendry olona avy eny an-toerana dia ho hita raha ho sahy hanao amboletra ihany. Azo antoka anefa fa tsy hisy olona hijabaka amin'izany. Tsy hitondra fampandrosoana na eo amin'ny lafiny toekarena na sosialy ho an'iny faritra iny ny tetikasa "Tanà-Masoandro" fao vao mainka hampikoroso fahana ny fiainan'ny mponina eny. Mbola nijapy lamasinina mandeha ihany koa izao fitondrana izao momba ny tetikasa "Bas Mangoky" satria ny fotodrafitrasa any an-toerana dia efa tamin'ny andron'ny fitondrana Rajaonarimampianina dia homena ny Arabo, kanefa tsy hisy tambiny hipetraka ho any an-toerana izay vidim-bokatra omena ny fitondrana, fa ho giazan'ny aty amin'ny fanjakana foibe. Tsy azo lavina fa tafiditra ao amin'izany tetikasa izany ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, ary izay angamba no nahatonga ny fandokafana ny filohan'ny Repoblika nataon'ny filohan'ny Banky Afrikana fa tompondaka amin'izany Rajoelina Andry. Iaraha- maheno anefa ny antsoantson'ny any Androy ankehitriny noho ny kere. Efa misy ny antsoantso dia manome efa-bolana ireo minisitera manana andraikitra mifanandrify amin'izany ny filohan'ny Repoblika hamaha ny olona. Izany no tonga amin'ilay fitenenana hoe "kenda vao domy aho ranoatra". Ny tetikasa manaraka any Atsimo nanaovana velirano" ihany koa ny fanamboarana ny làlampirenena faha-13. Taitran'ny tarehimarika 13 fotsiny Rajoelina Andry dia tsy nively fotsiny, fa niantoraka tao anaty rano mihitsy kanjo fotaka mandrevo no ao, ka tsy mbola misy tokontaniny ihany koa ny fanamboarana hataramin'izao. Ny fijery azy amin'ny ankapobeny dia tsy mitondra vintana ho an-dRajoelina Andry ity tarehimarika 13 ity, ka tokony ho nanatona ireny mitonontena ho mpanamboatra vintana ireny izy vao niroso nampiasa azy. Dibo-drano ny any amin'ny faritra Avaratry ny Nosy. Tsy misy rano ny any Atsimo. Tsy mandry fahalemana ny aty Afovoan-tany. Tsy misy afa tsy loza no mitranga eto. Tsy nanaiky ny herin'Andriamanitra ny mpanjakan'i Egypta tamin'izany fotoana izany. Na dia kristiana mihoatra ny dimampolo isanjato aza ny vahoaka Malagasy dia tsy nilain'ny filohan'ny Repoblika ny nanao fianianana tamin'ny Baiboly satria tsy misy ifandraisany, hono, ny "Finoana" sy ny "Politika". Tsy ho gaga ny Malagasy raha izay aleha rehetra maneno sahona avokoa. Na izany na tsy izany anefa rehefa mety hono ny atao ny saobakaka aza mampidi-dranon-ketsa.

Andry Tsiavalona

Ambasady Frantsay Ambatomena

Avereno ireo Nosy Malagasy

Nisy hetsika fitakiana ny hamerenana ny « Nosy Malagasy », tokony hataon'ny Frantsay amin'i Madagasikara, tetsy amin'ny Ambasady Frantsay tetsy Ambatomena omaly. Nitarika izany hetsika izany ny avy amin'ny fikambanana Otrikafo, sy ireo olon-tsotra maromaro tonga teny an-toerana. Nanao hetsika izy ireo, teo anoloan'ny masoivoho frantsay eo Ambatomena-Antananarivo, niaraka tamin'ny sorabaventy, mitaky ny hamerenana ny « Nosy Malagasy » amin'i Madagasikara. Nizotra tamim-pilaminana ny hetsika. Mahakasika ity raharaha ity, dia mbola maneho ny fiziriziriana amin'ny fibodoana ireo Nosy Malagasy ireo Lafrantsa, vao tamin'ity herinandro ity, nilaza ny Filoha Emmanuel Macron, fa hatao valan-javaboaharim-pirenena ny Nosy Glorieuses mialohan'ny 26 jona. Raha ny vaovao voaray, resaka teny amin'ny sisiny koa, nandritra ny lanonana fandraisana ny ministra Frantsay Jean Yves Le Drian nandalo teto amintsika, milaza ny Frantsay fa tsy hamerina ireo Nosy ireo amintsika, ary manambany ny Malagasy izy mihitsy izy ireo amin' izany, fa ho potika fotsiny ireo Nosy ireo raha haverina amin'i Madagasikara. Andanin'izany ny fitondrana Rajoelina dia tsy handrenesan-teny, toa midika fa hoe: manaiky matoa tsy miteny, araka ny fomba fiteny Malagasy izay. Mody notambazany vola kely hanampiana ny PEM dia mangina Rajoelina sy ny forongony saribakolim-bazaha.

Isambilo

Faha-60 taonan'ny fahaleovantena

Manomana fifaninanana tononkira ny Foloalindahy

Ao anatin'ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny fahaleovantena amin'ity taona ity, manomana fifaninanana tarakevitra, na tononkira, misokatra amin'ny olon-drehetra manerana ny Nosy ny Foloalindahy Malagasy. Toy izao ny fepetra amin'izany: ny tarakevitra dia andalana 2 farafahabetsany, hatao amin'ny teny Malagasy ofisialy, misokatra amin'ny olon-drehetra ankoatra ny mpikarakara ny fifaninanana. Ny loha-hevitra dia miompana amin'ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara, fitiavan-tanindrazana, fihavanana sy firaisankina, fanavotana sy fanarenana, fandrosoana, Madagasikara ho firenena sangany. Araka ny fandaminana dia tapa-bolana no faharetan'ny fifaninanana, mahazo sy asaina handray anjara ny Malagasy rehetra ankoatra ny mpanomana ny fifaninanana, maimaimpoana ny fandraisana anjara, ny loka ho an'ny voalohany dia 6 hetsy Ariary (600 000 Ar). Mampiasa valopy ny mpandray anjara: atao amin'ny taratasy A4 ary tsy misy ahafantarana ny mpamorona ny tarakevitra atolotra, (miforitra roa) dia atao anaty valopy A5 mihidy, valopy kely iray kosa asiana ny taratasy ahitana ny: anarana, adiresy, laharana finday ka ampidirina ao anaty valopy A5 voalaza etsy ambony izay efa misy adiresy andefasana azy : Ministeran'ny Fiarovampirenena
(Fifaninanana Tononkira)
Ampahibe, BP 8 Antananarivo 101

Na haterina mivantana ao amin'ny varavarana faha-109 Ampahibe (Secrétariat du cabinet MDN), fara-fahatarany ny 28 febroary 2020, ny fitomboky ny paositra no manamarina izany.

Ny Komity Teknika Nasionaly Mpanomana ny Fankalazana, tarihan'ny Ministeran'ny Fiarovampirenena no hiandraikitra ny fitsarana ny fifaninanana. Mijanona ho fananan'ny komity ireo sangan'asa rehetra voaray.

Isambilo

NY TENY FIAINANA

1 Timoty 4 : 12

Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana.

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Tokony hatao any Androy ny Tana-Masoandro

Marie Ravelonanahary: tokony hatao any Androy ny Tanamasoandro, amin'izay miteraka asa hoan'ny olona any an-toerana, sy mitarika mpandraharaha maro koa.

Thoni Andria : bonne idée, hevitra tsara izany.

Randy Rall : hafa ny Tanamasoandro Tanà, hafa ny an'ny any Androy.

Harintsoa Rasmoelina Randy Rall : mety ho vita ao anatin'ny 5 taona ihany ve le izy araky ny nofinofinareo, raha amiko aloha dia tsy ho vita izany, ny herintaona aza izao efa dila.

Randy Rall : ohatry ny olona rehetr manonofy zany lanitra zany io.

Tantely Nir'hi : izany ka olona miketrika! Sady ny filoha anie efa tany Dubai e! Kapoakan'io desert io! Hihihiiiiii!

Miks Andria : am'zay koa mivaha ny olana momba ny kere sy ny ts fisindrano, mivaha koa ny olan'Ambohitrimanjaka, sy ny toerana hafa, izay ataon'ny fanjakana bodongerona ny fakana ny tanin'ny olona.

Jacob Jakoba : Androimasoandro. Hitovitovy ny fampandrosoana eto amin'ny firenena amin'izay.

Tood Aostirah : INONA MOA NO OLANA, amin'izay koa mivoatra ny any Androy, fa ankehitriny izy dia tena faralahin'ny fampandrosoana eto amin'ny Nosy.

Yuri Betro : hevitra mety a ,misy olona koa anie any e , de mba ôtrany Dubai ny tanàna @ zay, hihihiiiii!

Heriniaina Rakotondramanana : zany ahay mba projet matotra, fa tsy (Bas Mangoki)² sy ny Arabonareo io!!!!!!

Titi Rakotoniaina : sady amzay mahazo rano fisotro madio.

Gile Randimbiarison : mainabe loatra indray ny any !

Guy Eric Onjalalaina : tsy Tana-masoandro intsony izy raha any fa Androy-masoandro, hihihiiiii!

TONONKALO

Ianareo no te ho eo

Ianareo no te ho eo , tsy sanatria hoe noterena,
K`aza mody miala bala sy mamorona hafetsena.
Irony kiana sy tsikera `ndeha henoy am-pitoniana,
F`aza raisina daholo ho lainga sy fanaratsiana.

Ianareo no te ho eo ka dia miezaha hamboatra saina.
(Mety ho maro ny tsy tia tsy vitsy koa ireo hitaraina!)
Saingy ataovy an-tsaina kosa fa matoa `nareo mijoro
Dia mivonona ny hahitsy sy manaiky ny hatoro !

K`aza tezitezi-poana f`ianareo no te ho eo.
Aza manabanty ny hafa na mampiakapiaka-peo.
`Ndeha tantazo izay miseho dia arosoy ny vahaolana,
Fa misosa tsy azo tanana na ny andro na ny volana.

Tsy hoe hangina ny tsikera raha enjehina daholo
`Reo lazaina ho mpanohitra sy `reo tsy mitovy volo.
Tsy ny fanenjehana azy no hampikombona ny vavany,
Fa vao mainka ireny ho afo handrehitra ny 'tsy fitiavany" !

…Ianareo no te ho eo ka `zay mitranga dia tantazo.
Asehoy ny paika vao fa aza ny efa tontalazo.
Be ny nofy tsy tanteraka ka aleveno sy farano.
Aza tia mampanantena sy mamorona angano .

DADAN`i ZINA (20-02-20)